Petites Sœurs Missionnaires de la Charité
(Don Orione)
Maison générale
Via Monte Acero, 5 – 00141 Rome

www.suoredonorione.org

PSMC, 100 taona

«... gratitude ... passion ... espérance...

pour éveiller le monde! »
(Pape françois)

Prot. MG 51/15

RY RAHAVAVY MALALA ISANY,

Herinandro vitsivitsy lasa izay, no nanoloran'ny Litorjia antsika ity Evanjelin'i Md Lioka ity: "*Ato amiko ny Fanahin'ny Tompo, fa nanosotra ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo izy sy naniraka ahy hankahery ny torotoro fo, hilaza fahafahana amin'ny mpifatotra sy fahiratana amin'ny jamba, hanafaka izay nampahoriana ary hitory ny taom-pahasoavan'ny Tompo*" (Lk 4, 18-19). Tenin'Izaia mpaminany izany, fa nambaran'i Jesoa teo am-panombohana ny asam-pitoriany izay mamintina amin'ny fomba tena igàgana ny iraka maha-mpaminany sy maha-mesia azy.

Izay tenin'ny Evanjely izay koa no reko miantefa mafy amintsika, amin'ireo Ankohonam-piainantsika, amin'ireo asa ataontsika, amin'ny misionantsika: "*Ato amintsika ny Fanahin'ny Tompo ... maniraka antsika Izy ... manambara amintsika ny taom-pahasoavan'ny Tompo Izy!*", koa an-kafaliana tanteraka no ambarako, **amin'ny Masera Madinika Iraky ny Fitiavana rehetra**, sy amin'ny Fianakaviam-be Orionista, ny namana sy ny fianakaviana sy ny mpanao soa, **NY FISOKAFAN'NY TAON-JÔBILY, IZAY HANKALAZANTSIKA AM-PANAHY MANKASITRAKA NY FAHA-ZATO TAONA NIORENAN'NY FIKAMBANANA, KA HIFARANA NY 8 DESAMBRA 2015, FANKALAZANA MANETRIKETRIKA AN'I MASINA MARIA NOTORONTORONINA TSY AZAON-KELOKA**.

AMIM-PO MAHAY MANKASITRAKA …

Ny fankalazana an-kafaliana ny faha-zato taona niorenantsika dia tsy hisalasalana fa hafaliana niainga avy amin'ny "**fahatsiarovana ombam-pankasitrahana**" tamin'izay nataon'ny Tompo tamin'ny alalan'ny Olomasina Mpanorina Mompera Orione, fa indrindra koa tamin'ny alalan'ireo izay nandray ny hafany sy nifikitra tamin'ireo idealiny tamim-pinoana lehibe sy fahatokisana: "*mandehana, afafazo amin'ny teny sy amin'ny asanareo ny fitiavan'i Jesoa Kristy, manaova sakrifisy, ataovy sorona ny fiainanareo ... miondreha am-pitiava-namana mamy mba hahazo izay manjo ireo madinika sy ireo mahantra ary ireo ambany ... satria ao amin'ireny farahidiny indrindra amin'ny olona ireny no hamirapiratan'ny endrik'Andriamanitra*"[1].

Manakoako amin-kery lehibe ao am-pontsika ireo tenin'i Papa François ao amin'ny Taratasy Apôstôlika ho an'ny Olom-boatokana hoe: "*Amin'ity Taona ity dia tsara raha ny fianakaviana karismatika tsirairay no mahatsiaro ireo niandohany sy nivelarany teo amin'ny tantara, mba hisaorana an'Andriamanitra izay nanolotra fanomezana tsy tambo isaina ho an'ny Fiangonana ka manome endrika tsara sy manara-penitra ny asa soa tsirairay. Ny fitantarana ny tantara manokana dia tsy azo avela mba hahavelona ny maha-izy azy, toy izany koa mba hanamafisana ny fiombonan'ny fianakaviana sy ny sens d'appartenance ao amin'ireo mpikambana. Tsy fanaovana tranom-bakoka na fambolena embonembona tsy ilaina akory, fa ny tokony hatao dia ny manao jery todika ny làlana vitan'ireo taranaka nifandimby mba handraisana avy amin'izany ny aingam-panahy, ny maha-izy azy,*

[1] Cf. Constitutions des PSMC, Art. 41-42.

ireo tetik'asa, ny soatoavina nanosika azy ireo manomboka any amin'ireo Mpanorina sy ireo ankohonam-piainana voalohany"[2].

Noho izany, ny fiantombohan'izao Taon-jôbily izao ho an'ny PSMC rehetra dia midika hoe fiantombohan'ny taona iray, izay hahatonga ny fitiavantsika ny fiantsoana orionista noraisina tamin'ny Fikambanana sy ny fanomezam-pahasoavana ho "*vavaka fisaorana*", fahatsiarovana sy figagàna, hafaliana sy fankalazana.

Tsy ho diso anjara amin'ity taona ity koa ny fahatsiarovana sy fisaorana noho ireo "**eny**" ankalalahan-tànana sady feno izay natolotr'ireo Rahavavy hatrany am-panombohana ka hatramin'izao, tamin'ny herim-po sy sakrifisy ka tonga fototra amin'ny maha-isika antsika ankehitriny sy izay ananantsika, nohon'ny fahalalahan-tànan'ireo "*missionnaires ad gentes*" voalohany sy ireo maro hafa nanolo-tena hitondra an'i Kristy sy ny fanomezam-pahasoavana tany an-tany lavitra toa an'i Amerika, Eropa sy Afrika ary Azia.

Misaotra ny Tompo ihany koa nohon'ny fahamasinam-piainan'i Sr M. Plautilla, Mamera M. Tarcisia, Sr M. Bontà sy ny maro hafa, izay fantatsika sy nakafizintsika koa angamba ny témoignagen'ny fiainana tsara sy marina nananan'izy ireo.

Misaotra nohon'ny fanarahana am-panekena ny Kônsily Vatikana II, nohon'ny fisokafana sy ireo tolon-kevitra nanofana mikasika ny zotram-pihavaozana, nohon'ny fihelezana sy fiombonan'ny kolotora samy hafa tsy nahalala sasatra sy ny "créativité" eo amin'ny asam-pitiava-namana amin'ny alalan'ireo asa marobe ataontsika eo anivon'izao tontolo izao…

Izay "**fahatsiarovana ombam-pankasitrahana**" izay dia toy ilay nolazain'ny Papa " *fomba iray hahatsiarovana hoe, nanao ahoana no niainana ny fanomezam-pahasoavana tao anatin'izay tantara lava izay, inona ny créativité nanafaka tamin'ny gadra, inona avy ireo olana tsy maintsy nosedraina ary ahoana no nihoarana an'ireny. Mety ho hita koa ireo"incohérence" vokatry ny fahalemen'olombelona, indraindray koa angamba fanadinoana ireo singa sasantsasany tena manan-danja amin'ny fanomezam-pahasoavana. Izany rehetra izany dia fampianarana, ary izy rehetra miaraka dia tonga fiantsoana ho amin'ny fibebahana. Ny fitantarana ny tantaran'ny tena dia fiderana an'Andriamanitra sy fisaorana Azy noho ireo fanomezany*"[3].

"*MIARAKA AMIN'NY FITIAVANA LALINA MANAVOTRA…"!*

Marina fa io "**fahatsiarovana ombam-pankasitrahana**" io dia tsy mijanona fotsiny eo, miraikitra amin'ny "*lasa*", fa kosa tonga loharanon'ny ainga vaovao, fakana bahana vaovao hiaingana indray vaovao, "**fitiavana**" miredareda sy feno herim-po satria "*ao amintsika ny Fanahin'ny Tompo … ary nanokana antsika tamin'ny alalan'ny fanosorana, nandefa antsika mba hilaza … mba hanambara … mba hitory*!"[4]

Ny "**lasa**" dia toeran'ny "*Deo gratias*"! ny "**ankehitriny**" dia toeran'ny "*inty aho! Irao aho*!" **Avy amin'ny fankasitrahana no teraka ny fitiavana lalina**!

Tohizin'ny Tompo ankehitriny ny fanankinana amintsika orionista ny Fiangonany sy ireo mahantrany! Ny fankalazana ny 100 taona niainana dia tsy hamela ny fontsika misionera orionista*"hipetra-potsiny"*. Miantso antsika indray i Jesoa ankehitriny "***hivoaka***" hankany amin'ireo "***tany***" vaovaon'ny mission, izay hitantsika ao amin'ireo fahantrana vaovaon'ny fotoana ara-tantarantsika, ao amin'ny ankehitrinin'ny maha-PSMC antsika: "*naniraka antsika hitory hafatra soa amin'ireo mahantra, mba hanambara fahafahana amin'ireo voagadra sy ny fahitana amin'ireo jamba*"!

[2] Papa François, Taratasin'ny Papa François ho an'ireo Olom-boatokana amin'izao Taonan'ny olom-boatokana izao, Vatican, 21-11-2014.
[3] Papa François, ibdem.
[4] Cf. Lk 4, 18sns

Ny fankalazana ny faha Zato taona niorenantsika dia ho zary tolotra ankasitrahan'ny Tompo sy ny Fiangonana, raha vitantsika, indrindra amin'ity taona ity, ny fanavaozana ny "***fitiava***ntsika lalina manakaiky ireo "*mahantra*" miaraka amin'ny "*hanitry ny fitiava-namana*", manakaiky ireo "*voagadra*" amin'ny fomba maro samihafa vokatry ny fanilikilihana, ny tsy firaharahiana, ny fanaovana an-jorom-bala sy ny tsikombakoma ratsy, nohon'ny tsy rariry sy ireo fahasinganan-drery amin'ny fomba vaovao sy fahakambotiana, izay misy ireo anadahy sy rahavavy maro be any amin'ny kolotora rehetra any sy ny taona ary ny tontolo. Mankalaza marina tokoa ny faha-Zato taona isika raha andramantsika kasihina ny "nofon'i Kristy" ao amin'ireo "jamba" ankehitriny dia: ireo izay tsy mahita ny dikan'ny fiainana intsony, tsy mahita ny hazavan'ny finoana, ny fiadanana, ny fitiavana, ny fahamendrehan'ny olombelona, ny fahafahana … any amin'izy ireo no "**anirahan**'" i Jesoa antsika indray ankehitriny, amin'ilay "**fitiavana lalina**" izay tao am-pon'i Mompera Orione.

Io no fomba tena izy sy tsara indrindra "***hankalazana***" ny faha-zato taona niorenantsika. Mbola manoro antsika indray i Mompera Orione ny amin'izay "*fomba*", ny "*fombany*": "*mitia an'i Kristy ao amin'ny rehetra; manompo an'i Kristy ao amin'ireo mahantra; manavao an'i Kristy ao amintsika sy manorina ny rehetra ao Aminy; manavotra mandrakariva, manavotra ny rehetra, manavotra na dia mitaky sakrifisy aza, amin'ny alalan'ny* ***fitiavana lalina mpanavotra sy fisoronan-tena tanteraka****… Entina miaraka amintsika sy ao anatintsika ilay lova masin'ny fitiava-namana izay tsy iza fa Andriamanitra … Ny fotoana efa lasa dia tsy ananantsika intsony: ny fotoana ho avy tsy azontsika antoka ny hanana azy: noho izany izao fotoana ankehitriny izao ihany no ananantsika, fa ny hafa tsia … tsy tokony hanam-potoana "hampihodinana ny loha hibanjinana ny angadin'omby"isika, satria ny asam-panirahana am-pitiavana dia manosika sy mampihainga,antsika ny fitiavana ny eo akaiky mandrehitra antsika ary ny afo mandoron'i Kristy mandevpona antsika. Mamon'ny fitiava-namana isika ary adalan'ny hazo fijalian'i Jesoa Kristy … Manana fo lehibe sy ny hadalana masina ho an'ny fanahy"*[5].

Ry rahavavy malala isany, izay no "**maha-izy** (*identité*)" antsika, ny dikan'ny fiainantsika sy ny anton'ny fisiantsika ao amin'ny Fiangonana sy eo amin'izao tontolo izao. Tsy afaka hilaza fa nankalaza "*marina*" ny faha-Zato taona niorenana isika raha toa ka amin'ity taona ity tsy novelomina, tsy nofohazina tamin-kalalaham-po indray sy tamim-panantenana ary an-kafanam-po, an-kafaliana sy am-pitiavana ny "*maha-izy*" antsika, ny tena toetran-tsika miaraka amin'ny fiainana sy ao amin'ny fiainana, izay ambaran'ny anarantsika hoe" **Masera Madinika Iraky ny Fitiavana**"!

MBA "HAMOHA" AN'IZAO TONTOLO IZAO …

Ilay antso mafy nataon'i Papa François, dia programme manontolo ho antsika: "***mivoaha, mba hamoha an'izao tontolo izao!***"

Tsy afaka mijanona ao anatin'ny théorien'ny fehezan-teny na ao amin'ny "*teny faneva*" atao peta-drindrina na ao amin'ny circulaire fotsiny isika, fa ho tonga <u>fanamby sy fanasàna hijery indray</u> ny fiainantsika, ny "fomba fiainantsika", ny fomba fifandraisantsika, amintsika samy isika sy miaraka amin'ireo laika, <u>miaraka amin'ny laika "*rehetra*"</u>, ny fomba fanaovantsika apôstôla sy ny dikan'ireo asantsika araka ny evanjely, ireo antanantohatra sy rafi-pandaminana, ny asantsika manontolo ho antsika zanak'i Mompera Orione. Izany rehetra izany dia jerena amin'ny fijery "*maha-mpaminany*", fa tsy amin'ny fijerin'olombelona fotsiny, na amin'ny fisainana "*mifikitra amin'ny fomba amam-panao*" na amin'ny fahatahorana ny zava-baovao.

Miandry an'izay «***famohazana amin'ny maha-mpaminany***» izay amin'ny olona nanokan-tena ny Papa !
«*Ny andrasako dia ny "****hamohazanareo an'izao tontolo izao****", satria ny manamarika ny fiainam-boatokana dia ilay maha-mpaminany … Ny mpaminany dia mandray avy amin'Andriamanitra ny fahaizana mamakafaka/mamadibadika ny tantara izay iainany sy manazava ireo zava-mitranga: toy*

[5] Lo spirito di Don Orione, Vol. 1, La nostra spiritualità.

ny mpiambina miari-tory mandritra ny alina ka mahafantatra rehefa tongan ny mazava atsinanana … Ny andrasako dia tsy ny hitananareo ireo «hevitra tsara be nefa tsy azo tanterahina", fa ny fahaizanareo mamorona «toerana hafa» iainana ny lojikan'ny fanomezana, ny firahalahiana, ny fandraisana ny fahasamihafana, ny fitia mifamaly, araka ny Evanjely … dia hiha-lalivay hatrany ho an'ny fiaraha-monina tsilovin'ny Evanjely, «tanàna antampon-tendrombohitra» hoy ny tenin'ny fahamarinana sy ny herin'ny tenin'i Jesoa»[6].

Izao «*taonam-pahasoavan'ny Tompo*» izao, izay nambaran'i Jesoa teo am-panombohana ny fotoanany «*mesianika*» ho antsika dia «**taonan'ny faminaniana**», «**taonan'ny fifohazana profetika**»n'ny fanomezam-pahasoavantsika sy ny maha-izy antsika orionista vehivavy, «**taonan'ny fivoahana**», «**taona fialana amin'ny comodité**», «**taonan'ny fihetsehana sy ny créativité**»: «*ilaina ny toe-tsaina mpandray andraikitra mazava, raha tsy izany dia misy asa sasany tsy atao; ka ho lasa fialokalofana ny anareo, tsy fiainana apôstôlika intsony, fa maty am-piadanana na manjavona. Koa mandrosoa ary! Tsy hahavita ny zavatra rehetra akory,anaty indray andro ary tsy tokony ho faty ao an-trano na ao amin'ny sakristia koa anefa fa: any ivelan'ny sakristia*»[7].

Noho izany, dia enga anie rahefa vita izao fankalazana ny Taon-jôbilintsika izao dia mba hisy "**famantarana ny maha-mpaminany**" azo tsapain-tànana, hita maso sy mazava, isaky ny Province, isaky ny ankohonam-piainana, isam-batan'olona, dia toy ny «**fifohazana ara-pitiava-namana**», tafafoha tamin'ny torimaso sy ny tsy firaikana amin'ny toerana iainantsika sy ihetsehantsika .

«*EO AMBANI'NY LAMBAN'I MARIA … »*

«*Ny Fikambanana dia voatokana amin'i Masina Maria tsy azon-keloka Renin'Andriamanitra sy Mpamindra fo; ary eo ambany elatry ny Fitondran'Andriamanitra sy ny lamban'i Masina Maria toy ny zazakely*»[8].

Tsy azontsika atao ny miaina izao faha-zato taona izao, izay fotoana tsara indrindra sady misy dikany be ho antsika rehetra izao, raha tsy mametra-tena eo am-pela-tànan'i Masina Maria indray isika, ao am-pony sy ao ambanin'ny lambany, dia ilay Mpanorina ny Fikambanantsika.

Amin'ny zavatra rehetra dia reny sy môdely ho antsika i Masina Maria. Ao Aminy no ahitantsika ny famintinana ny tantaran'ny fotoana rehetra, ao Aminy koa no ahitantsika ny famintinana ny lasa, ny ankehitriny ary ny hoavin'ny tantaram-pamonjena.
Ao amin'ny hiran'ny Magnificat (Lk 1, 46-55), i Masina Maria mampianatra antsika:

- "***hijery ny lasa***" amin'ny "*fitadidiana am-pankasitrahana*": "*namonjy an'israely mpanompony, sy nahatsiaro ny indrafony izay nampanantenainy ny razantsika …!*";
- «***hiaina ny ankehitriny***» am-pigagana sy "*am-pitiavana lalina*": "*mankalaza ny Tompo ny fanahiko ary ny saiko mifaly ao amin'Andriamanitra, Mpamonjy ahy … zava-dehibe no nataon'Ilay Mahery tamiko!*";
- "***hamihina ny ho avy***», satria i Masina Maria dia vehivavin'ny "*fanantenana*": *"… manomboka ankehitriny dia antsoin'ny taranaka rehetra hoe sambatra aho … amin'ny taranaka mifandimby ny famindram-pony, miparitaka amin'ireo matahotra Azy …!*"

Eo an-tànan'i Masina Maria no ahafahantsika mamakivaky isan'andro an'izao taon-jôbily izao, eo no ahazoantsika antoka fa mizotra amin'ny làla-mahitsy mitondra antsika mankany amin'i Jesoa sy ny anadahy ary rahavavy tsirairay isika.
Masina Maria no hitondra antsika amin'ny làlana mankany amin'ny "*periferia*" mba hanolotra teny sy fihetsika tena ilaina any, amin'ny maha"*iraky ny fitiavana, midika hoe Irak'Andriamanitra satria*

[6] Papa François, ibdem.
[7] Scritti 32, 245, da Tortona, 12 gennaio 1930.
[8] Scritti 18, 148 ; manoscritto delle Prime Costituzioni delle PSMC, Buenos Aires, 12 settembre 1935.

Andriamanitra dia fitiavana; midika hoe irak'i Jesoa Kristy, satria i Jesoa Kristy dia Fitiavana; midika hoe iraka izany hoe mpitory ny Evanjely sy mpanompon'ireo mahantra»[9].

Maria, izay anarana entintsika an-kafaliana, izay tsy toy ny fihetika maneho fanajàna fotsiny, fa "*reproduction*" n'ny fitiavany sy ny fanokanan-tena manontolo amin'i Kristy sy ireo anadahy ary rahavavy, ka amin'izay fotoana izay dia ny kintan'ny fitoriana ny Evanjely no hitantana antsika any amin'ny toeram-piantsonana azo antoka.

Raha tsy eo i Masina Maria, dia ho very ny maha-izy ny Fikambanantsika; fariparitan'i Mompera Orione amin'ilay fitiavany sy fanajàny tsy misy fetra: "*azo lazaina hoe ny zavatra rehetra dia asan'i Masina Maria: è sorta nohon'ny asan'i Masina Maria, mitombo nohon'ny asan'i Masina Maria, maharitra nohon'ny asan'i Masian maria. Noi dobbiamo tutto a Maria: izany no anton'ny fanajantsika Azy, mba hanehoana Aminy ny fankasitrahantsika … Tsy tian'Andriamanitra ny mankaty amintsika raha tsy amin'ny alalan'i Maria ary ny hankanesantsika any amin'Andriamanitra raha tsy amin'ny alalan'i Maria. Iza no hitondra antsika salama sy voavonjy any an-tendrombohitry ny Tompo? … iza no hitondra antsika any amin'ny akany nandraindraina? Iza no hiaro antsika amin'ny fandrik'ireo fahavalo? … I Maria no mpiaro antsika, satria Reny malemy fanahy ho antsika Izy, izy no mpisolo vava antsika, fanantenantsika, i Maria dia Ilay tsy maintsy hanankinantsika indray ny fitokisantsika. Masina Maria anie ho ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika mandrakariva, ao amin'ny fianarantsika, ao amin'ny asa, ao amin'ny asa rehetra ataontsika! Maria, Maria mandrakariva*"[10]

Hohiraintsika miaraka, amin'ny amin'ny fiteny samy hafa araka ny nahadikana azy ilay hira tranainy be fa kanto izay tena tian'i Mompera Orione, sady mampiseho ireo fitiavana sy fientanam-po misioneran'ny fotoana voalohany, ny hira izay nohirain'ireo "misionera" voalohany tam-pitiavana sy tam-pitokisan-janaka, ary isika koa aza namerina azy tamin'ireo taona voalohan'ny fiofanantsika: "*mitety ranomasina manonjan'izao tontolo mpamadika izao, mankamin'ny akany andrandraina, ka iza moa no hitarika ho any: Masina Maria Ilay be indrafo sy feno hatsaranan'ny ranomasina mamiratry ny kintana! Masina Maria, fanantenantsika, Mpidari-dalana antsika!".*

Tsy feno ny faha-Zato taonantsika raha tsy eo i Maria!

Maria fanantenantsika, mahazo toky eo an-tànany sy eo ambany fitantanany, , izy no hitondra ity "*lakana*" kelin'ny Fikambanantsika ity eny ambony ranomasin'ny finoana sy ny fanantenana fitiavana, mba ahafahantsika mamiratra miaraka amin'ilay "**maha-mpaminanin'ny**" fitiavana ao amin'ny Fiangonana: **Masera Madinika Iraky ny Fitiavana** marina sady faly.

Amin-kafaliana ao amin'ny Tompo no hamihinako ny tsirairay aminareo ary miombona ao anatin'ny vavaka fisaorana sy fideràna isika: arabaina daholo nahatratra ny «*fitsingerenan'ny taona nahaterahana*» isika rehetra! Amin'ity indray mandeha ity dia azontsika hiraina koa ilay firarian-tsoa amin'ny teny polonaise hoe: "*Sto lat! Sto lat!*" (zato taona, zato taona!) ary dia hitso-drano antsika rehetra rehetra anie ny Tompo!!

Deo gratias, et Mariae!!
Arahaba ry Maria, mandrakariva!

Ny rahavavinareo

Sr. M. Mabel Spagnuolo
Supérieure générale

Buenos Aires (Argentine), 1° febroary 2015.
Fanokafana ny Taonan'ny Faha-Zato taona Niorenan'ny PSMC

[9] Constitutions des PSMC, Art. 1.
[10] Scritti 71, 193-194, 19 aprile 1915.

Fanamarihana: ity circulaire ity dia ilaina amin'ny zavatra rehetra ho toy ny fahazavana, ilaina koa ho amin'ny fandinihana sy ireo engagements-n'ny Karemy, izay efa akaiky.
Tena ilaina ny mampiditra ny fandinihantsika amin'ny karemy mifanaraka amin'ny soson-kevitra ao amin'ny Vokatra faran'ny Assemblée générale sy ny programmation'ny Conseil provincial na régional amin'ity Taona ity, mikasika indrindra ny «*voie purgative*», (zotram-pibebahana).
Ny fandinihana mikasika ny fanambin'izao faha-100 taonantsika izao miaraka amin'ny soson-kevitra amin'izao taona ho an'ny Olom-boatokana izao, dia tsy hisalasalana, fa tena fitondran'Andriamanitra handraisana «*fanapahan-kevitra*» na samirery izany na amin'ny maha-ankohonana, izay fiantombohan'ny zotra marina mankamin'ny fahamasinana, ny fihainoana ny bitsiky ny Fanahy Masina, izay te-hanampy antsika «***hamela izay efa hay***» amin'ny olona tranainy, mba «***hianarana***» ireo fitondran-tena sy fomba fiainana araka ny fon'i Kristy sy Mompera Orione amin'izao andro izao.
Mirary zotram-pihavaozana mamokatra ho an'ny rehetra aho, izay hitondra antsika any amin'ny hafaliana fenon'ny fiainam-baovao ao amin'i Kristy nitsangan-ko velona! Ary isika PSMC koa hiara-mitsangana Aminy !